An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny CENI sy ireo mpanara-maso nitsidika biraom-pifidianana omaly.

Santionana voka-pifidianana omaly, mitarika Rina.





KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA

Hiampita any amin'i Rina ny fanilo

Rina nanefa ny adidiny teny Ankadindramamy omaly.

Hiampita any amin' ny kandidà Rina Randriamasinoro ny fanilo ho an'ny fitarihana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), raha ny vokatra vonjy maika tsy ofisialy hatreto, mitarika ny kandidà natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Ny vokatra ofisialy dia ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana no hamoaka azy ho an'ity fifidianana ben' ny tanàna sy mpanolo-tsaina ity. Hiampita avy amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tsy ho ela arak'izany ny fitantanana ny Renivohitr'i Madagasikara, hankany amin'i Rina izay mpiara-miasa aminy ihany teo aloha, talen'ny fitantanam- bolan'ny CUA, lasa sekretera jeneraly avy eo, mialohan'ny nirotsahany ho kandidà ben' ny tanàna izao. Anisan'ny nanampy betsaka an'i Neny sy ny ekipany tamin' ny fahavitany ireo zava-bita maro teto an-drenivohitra i Rina, na misy aza nilaza fa tsy nahavita ny ben'ny tanà-na Lalao Ravalomanana tsy ho ela arak'izany ny fitantanana ny ekipany. Maro tokoa ny zava-bitan'ny ekipan' ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana nandritra izay 4 taona izay, na nisy aza ny sakantsakana natao sy mbola ataon'ny fitondrana foibe aminy hatramin'izao. Efa notaterina tamin'ity gazety ity avokoa izay zava-bita izay, ary hita ihany koa ao amin'ny tambazotra facebook ny kaominina dia ny CUA Sèrasera Ofisialy izany. Ny jamba sy ny tsy te-hahita ihany no milaza fa tsy mahita izay zava-bita maro, nataon'ny ekipan'ny ben'ny tanàna an- kehitriny izay. Mendrika izy satria izy no ben'ny tanànan'ny Renivohitra, andriambavilanitra voalohany voafidimbahoaka ary izao hanolotra ny fahefana ho an'i Rina izao ato ho ato. Mahakasika ny ben'ny tanàna vaovao Rina Randriamasinoro, tamin'ny 11 ora atoandro teo koa izy no nifidy omaly, teny amin'ny EPP Ankadindramamy Boriboritany faha-5. Mbola nanentana ny mpifidy hanefa ny adidiny izy tamin' izany, ary efa nahatoky fa izy indray no ho ben'ny tanàna vaovaon'ny Renivohitr'i Madagasikara.

Isambilo

Antsirabe

Tsara toerana ho ben'ny tanàna i Guy Rivo R.

Ny kandidà Guy Rivo Randrianarisoa, nanefa ny adidiny tany amin'ny EPP Tomboarivo Antsirabe.

Tsara toerana ho ben'ny tanànan'Antsirabe, ny kandidà Guy Rivo Randrianarisoa, kandidà natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), raha ny vokatra vonjy maika ny fifidianana omaly. Mitarika ity kandidà natolotry ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ekipany ity hatreto, any amin'ny Renivohitr'i Vakinankaratra. Raha tsiahivina omaly, tao amin'ny EPP Tomboarivo Antsirabe, no tonga nanefa ny adidiny ny kandidà ben'ny tanàna Guy Rivo Randrianarisoa. Tamin'izany dia niantso ny mponina izy handatsa-bato, mba ho tonga maro hanatantaraka izany adidy masina izany, ary ihany koa ho mailo fa tena misy ny halabato amin'izao ora izao hoy izy. Efa mizotra ho eo am-pelatanan'ny antoko TIM indray arak'izany, na izany na tsy izany ny renivohitry ny faritra Vakinankaratra, tanàna lehibe faharoa eto Madagasikara.

Isambilo